

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Toetry ny Fifehezan-tena

Aoka isika hihazakazaka amin’ny faharetana



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Ny fepetra iray hafa ho an’ny hazakazaka mahomby dia ny fifehezan-tena, ary io fepetra io dia asehon’ny teny nampiasain’i Paoly ao amin’ny 1 Korintiana 9:24–25 mba hampitahana ny fiainana Kristiana amin’ny fifaninanana ara-panatanjahan-tena. Tena mifanandrify tsara izany, ary mbola miharihary amintsika ankehitriny, satria mpijery mivantana sy amin'ny fahitalavitra matetika isika. Mbola mihatra ihany koa izany fitsipika izany.

> “Tsy fantatrareo va fa izay mihazakazaka eo amin'ny tany fihazakazahana dia samy mihazakazaka avokoa, nefa ny iray ihany no mahazo ny loka? Mihazakazaha toy izany mba hahazoanareo.” (1 Korintiana 9:24)

Izany no tanjona. Avy eo, i Paoly dia nanohy nilaza ny fepetra:

> "Ary ny mpihazakazaka rehetra dia mahonon-tena amin'ny zavatra rehetra. Kanefa ireny dia mitady satroboninahitra mety ho lo ihany [ny loka], fa isika kosa ny tsy mety ho lo.” (andininy 25)

Raha te handresy ny hazakazaka isika, raha te hahazo ny loka, dia tsy maintsy mahafeno ny fepetran’ny fifehezan-tena isika. Tena miharihary izany fahamarinana izany rehefa mieritreritra momba ny atletisma isika. Ny atleta rehetra mahomby amin’ny maha atleta ankehitriny dia tsy maintsy mampihatra fifehezan-tena hentitra indrindra. Tsy maintsy miditra amin'ny fiofanana izy — mifehy ny zavatra hohaniny, ny habetsahan'ny torimaso azony, ary ny habetsahan'ny fanatanjahan-tena ananany. Tsy maintsy mifehy ny psikolojiany koa izy, manangana karazana toe-tsaina mety. Tsy azony atao ny mamela ny eritreritra ratsy. Tsy maintsy miditra amin’ny fifaninanana amin’ny toe-tsaina miabo, amin’ny finoana fa hahazo fandresena izy.

© 2008 - Dries Du Plessis

Izany rehetra izany dia mitovy amin'ny maha Kristiana antsika amin'ny hazakazakantsika. Tsy afaka mandresy ny hazakazaka isika raha tsy mifehy tena.

Misaotra Anao, Tompo ô, ny amin’ny fanampiana ahy “hiezaka”. Manambara aho fa mifehy tena amin’ny zavatra rehetra mba hahazoako ny loka. Hihazakazaka ny fihazakazahana amin'ny faharetana aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-339-MLG

Nohavaozina farany: 31 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

